# Ilay Voa Tsara Nafafy 30 Jona 2019

# 30 Alahady

jona

**Jehovah, Tomponay ô, endrey ny voninahitry ny anaranao amin'ny tany rehetra ! Nataonao eny amin'ny lanitra ny voninahitrao.** Salamo 8. 1

## Ireo asanao tena kanto

*Hihira ireo asanao tena kanto aho, ry Tompo !*
*Ary ny fahefanao tsy misy fetra sy*
*ny fahalehibeazanao faratampony ;*
*Hampiarahiko amin'ny hiran'ny olom-boavidy*
*Ireo fihirana apetraky ny Fanahinao ato am-poko.*

*Eny, ry Tompo Andriamanitray, mahavokatra ny teninao !*
*Asan'ny feonao fahiny izao tontolo rehetra izao ;*
*Niteny Ianao… dia niara-nivoaka avy tamin'ny tsy misy*
*Ny rivotra, ny lanitra, ny tany sy ny onjan-drano.*

*Ho levona izao tontolo izao ;*
*indray andro any dia hihozongozona*
*Hatrany amin'ny fanorenany ity trano lehibe ity.*
*Fa ny fahendrenao kosa, ry Andriamanitra*
*lehibe, sy ny fahamoram-panahinao, ny fahamarinanao*
*Dia haharitra amin'ny fotoana rehetra.*

*Ary Ianao, ry Tompo, dia mampanantena tany vaovao*
*Izay honenan'ny vahoakanao ao ambany lanitra vaovao.*
*Hiaraka aminao mandrakariva ao izy ireo,*
*Ary hameno fifaliana mandrakizay azy ireo ny fanatrehanao.*